REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA
FAMPITAM-BAOVAO

Nody an-tanindrazana ireo vehivavy malagasy niantso vonjy sy nangataka fanampiana tamin'ny filoham-pirenena miisa 52 avy atsy Koweit. Ampahany faharoa ireo fa mbola misy andiany farany 26 antenaina ho avy ny asabotsy izao. Nijaly, tsy nahazo karama, niharan'ny vono, tsy manana taratasy sy saran-dalana ny ankamaroan'izy rehetra ireo izao nampodiana an-tanindrazana izao. Tokony ho 76 izy ireo no ho tonga fa noho ny olana sy sakana isan-karazany dia mbola miandry ny fahatongavan'ireo ampahany hafa miaraka amin'ireo delegasionina nirahan'ny Filoha Andry Rajoelina, izay irariana ho tafody soamatsara

Fiadidiana ny Seraseran'ny Repoblika
04-04-2019